MINISTÈRE DE L'ENSEIGNEMENT SUPÉRIEUR
ET DE LA RECHERCHE SCIENTIFIQUE

SECRÉTARIAT GÉNÉRAL

DIRECTION GÉNÉRALE DE L'ENSEIGNEMENT SUPÉRIEUR

DIRECTION DE L'ENSEIGNEMENT SUPÉRIEUR

Service du Baccalauréat

BACCALAURÉAT DE L'ENSEIGNEMENT GÉNÉRAL

SESSION 2023

Série : Scientifique
Options : S
Code matière : 005

Épreuve de : MALAGASY
Durée : 04 heures
Coefficient : 3

**N.B : Tsy maintsy atao ny laza adina I.**
**Isafidianana ny laza adina II.**

**LAZA ADINA I :** Tsy maintsy atao **( Isa 06)**

1.Milazà lafin-javatra roa tsy mampitovy ny literatiora am-bava amin'ny literatiora an-tsoratra. **(Isa2)**

2.Manomeza voka-tsoa roa azo amin'ny fanajana ny fady ? **(Isa2)**

3.Ampiasao ao anaty fehezanteny iray avy ireto :
« azo », « afaka ». **(Isa2)**

**LAZA ADINA II** : Isafidianana ny A sy B. **(Isa 14)**

**A.FAMAKAFAKAN-KEVITRA :**

Hoy ny mpandinika iray : « Lalana ahatongavan'ny tsirairay sy ny fiarahamonina amin'ny tonga lafatra ny finoana ny fisian'ny tsiny sy ny tody ».

**Fakafakao**

**B.FANADIHADIANA LAHATSORATRA :**

Mazàna ny mpamaky ihany no voatonona rehefa miresaka mpankafy ny literatiora ny mpandinika.Tsy azo odian-tsy hita anefa fa eo dia eo koa ny mpijery sy ny mpihaino. Tsy kanto ho azy amin'izao ny soratra na ny volana raha tsy voasedran'ny mpankafy azy : Tsy maintsy mambabo ny fo amam-panahy, na mampiaiky ny sainy aman'eritreriny.

Fa na inona na inona fahaizan'ny mpamorona teny kanto sy sora-kanto, na manan-tsaina toy inona aza izy ireo, tsy hisy dikany izany rehetra izany raha tsy eo ny mpankafy literatiora.
Rehefa ny mpamaky literatiora no mandà izay famoronana atolotra azy dia very hasina avy hatrany ny zava-bitan'ny mpamorona sy ny mpivolana satria hisy banga ny rafitra mitantana ny literatiora.

Iainan'ny mpankafy ireny literatiora ireny, satria ny zava-misy ihany no taratra ao anatiny ary izy mpankafy no fototra ijoroany sy sehatra ivelarany.

**RANÖE**
**Ambioka, faha-50, 2002**

**Hadihadio io lahatsoratra io.**